# DINIKA FAMPIHAVANAM-PIRENENA – FIHAONAMBE NASIONALY- CCI IVATO

## Fehin-kevitra – 02 may 2015

**FAMPIHAVANANA:**

- Atsangana ny Vaomiera Iraisam-pirenena momba ny fanonerana ireo niharam-boina nandritra ny krizy ka ny olon-tsotra sy ny orin'asa voaroba no jerena amin'izany
- Asiana rafitra hanara-maso ny fehin-kevitra noraisina nadritry ny fihaonambem-pirenena
- Apetraka ny rafitra misahana ny Fampihavanana ka ireto ny soso-kevitra :
    - Ravana ny FFM fa atsangana ny CNR (Comité National de la Réconciliation)
    - Tazonina ny FFM fa hatsaraina sy ampiana ny mpikambana
    - Atsangana ny Ministeran'ny Fampihavanam-pirenena

**FITONIANA SY FANDRIAM-PAHALEMANA:**

- Apetraka ny Rafitra mpanara-maso ny mpitandro ny filaminana mahakasika ny fanajan'izy ireo ny sata, ny etika mifehy ny asan'izy ireo, ny tsy fanaovan'izy ireo politika intsony.

**FAMPIVOARANA SY FAMPANDROSOANA :**

**FANAOVANA POLITIKA :**

- Atsangana ny rafitra hanara-maso ny antoko politika sy ny fomba fiasany
- Atsangana ny Conseil des Sages na Présidium
- Atsangana ny troisième chambre ho rafitra manokana ho an'ireo Raiamandreny ara-razana izay mifandray amin'ny vahoaka eny anivon'ny fiaraha-monina (Chambre des Ampanjaka).

**FAMPIVOARANA SY FAMPANDROSOANA :**

**ARA-TOEKARENA :**

- Atsangana ny rafitra : mpanaramaso ny fandaniam-bolam-panjakana mahaleo tena;
- Atsangana ny rafitra hanara-maso ny fitrandrahana harem-pirenena.

**FANORENANA IFOTONY:**

- Fametrahana Lalam-panorenana miainga avy any ifotony mba hifampifehezana ; fananganana Assemblée constituante ka ny endrika Lalam-panorenana haroso dia tsy hatao fitsapan-kevi-bahoaka fa hisafidianana amin'ireto manaraka ireto :
    - Tazonina ny misy ankehitriny fa atao 'régime présidentiel fort'
    - Ovàna ho : régime présidentiel, régime parlementaire, régime monarchique, fanjakam-pisorona, rafitra federaly, na Faritany mizaka tena
- Ravana ny Andrim-panjakana rehetra afa-tsy ny Filoham-pirenena ary aorina ny rafitra vaovao.

**NY FANATANTERAHANA :**

- Fanangànana ny "Comité de pilotage " an'izay rafitra hatsangana aorian'izao fivoriana izao, ahitana ny solontenan'ny FFKM, solontenan'ny Fiadidiana ny Repoblika, solontenan'ny Mpizaika (3 isaky ny vaomiera 10/mpahay làlana 1, Grands Corps 1, vehivavy 1) sy ny solontenan'ireo Filoha teo aloha.
- Fanangànana "Comité de suivi " ny amin'ny fanatanterahana ireo fehin-kevitra nivoaka teto amin'ny CCI Ivato ny 28 Avril hatramin'ny 02 May 2015. Ahitana ny solontenan'nyFFKM, solontenan'ny mpandray anjara (4 isaky ny vaomiera 10), solontenan'ny Fitondram-panjakana, solontenan'ireo Ray aman-dreny ara-drazana ary ny solontenan'ireo Filoha teo aloha 1 avy.
- Faniriana ny hananganana avy hatrany ny Assemblée constituante ka 2 taona no hanatanterahana ny asa
- Faniriana ny hanambaran'ny Filoham-pirenena amin'ny fomba manetriketrika avy hatrany ny amin'izay fahavononany handray sy hijery ny fomba hanatanterahana izao fehin-kevitra izao
- Faniriana ny hanambaran'ireo Filoham-pirenena teo aloha sy ny Filohan'ny Tetezamita ny fanapahan-keviny ary ny fahavononany hanatanteraka izay fehin-kevitra miantefa aminy.